3

# NY MPANAMPY

## TANJONA

Mahay mamaritra ny antsoina hoe mpanampy ary mahay mampiasa izany ao anaty fehezanteny.

## LESONA HOTADIDINA

Ny mpanampy dia teny manampy hevitra ny EM na ny L ka manasongadina kokoa ny hevitry ny teny.

- **Misy karazany ny mpanampy ary afaka manalefaka na manamafy na mandidy.**
- **Ny mpanampy dia teny mipetra mandrakariva eo alohan'ny teny ampiany.**

Ny mpanampy dia mety hanova ny hevitry ny teny.

*Ohatra :*

Nahavidy sy ny **tena** nahavidy.

Mandala sy ny **tsy** mandala.

Hianatra sy ny **tokony** hianatra.

Hilentika sy ny **diva** hilentika.

Hamita sy ny **te** hamita.

Ny toeran'ny mpanampy dia eo alohan'ny teny tiana asongadina kokoa ny heviny.

*Ohatra :*

**Tena** mamy tokoa ny zanaka.

**Somary** maditra iny zaza iny.

**Mbola** tsy ampy ny fiezahana nataonao.

**Toa** mihasahirana isika ankehitriny.

**Mba** alefaso re ilay entanay any e!

## Karazana mpanampy

*Mpanampy ny EM mitaky fotoana voafetra :*

- **ankehitriny: azo, tsy azo, aza, mba,** …

*Ohatra :* Azo atao ny misoroka ny aretina.

- **ho avy: te, tokony, aoka, diva, 'ndao,** …

*Ohatra :* **Te** hahalala izay rehetra zava-misy isika.

- **lasa** : **tsy, avy, efa,**…

*Ohatra :* **Efa** notsaboina ny marary.

*Mpanampy ny L :* **avokoa, daholo, …**

*Ohatra :*

Miandry ao an-tokontany **daholo** ny fianakaviana.

Mandray angady **avokoa** ireo tompon'ny asa.

*Mpanampy filaza :*

- filaza tsotra: samy, mba, tsy, …

*Ohatra :* **Samy** manana ny asany ny tsirairay.

- filaza mandidy: samia, mbà, aza, …

*Ohatra :* **Samia** mitandrina fa tsy mifidy ity aretina ity.

## Sahanasa 1

Mamorona lahatsoratra roa mitantara ny tanananao ka ampiasao ireto teny ireto : ***saika, somary, mody, tena, sendra***

..........................................................................................................
..........................................................................................................
..........................................................................................................
..........................................................................................................
..........................................................................................................
..........................................................................................................

..........................................................................................................
..........................................................................................................
..........................................................................................................
..........................................................................................................
..........................................................................................................
..........................................................................................................

## Sahanasa 2

Fenoy amin'ireto teny ireto ny banga : ***mba, toa, tsy maintsy, mbola.***

……………………………. mandeha aho na tiana na tsy tiana.
…………………………….. misakafo ihany izy.
…………………………….. marary aho izany.
…………………………….. hamangy ny reniko aho.

## Lahatsoratra

Telo vavy no zanaka naterak'izy mivady ary tsy mba angatra fa samy mendrimendrika aoka izany sy volombolony avokoa izy ireo! Matetika raha vao miresaka midinika amin'ireo zanany ireo Ramatoa Raketaka, dia tsy misy resaka faniriana afa-tsy ny mba hahazoan'izy telo vady tena manana vola be. Tsy mba ny hihafy amin'ny tokantrano na ny hanatevina ny kely misy, fa izao ihany : ny hamantam-bonona avy hatrany fotsiny, dia hikepoka sy hitantana amin'ny tena fahakingana tsy hita velively. Vady efa misy hitobahana sy hanaovana lamaody igagana. Tao an-tokantrano dia nisy toa tsy fitovian-kevitra niseho taratra tamin'izy telo vavy. Samy vonona ny hanambady avokoa ry zavavy saingy ny sasany efa hita maika ihany, ny hafa kosa toa misalasala. Tratran'ny tsy maintsy ataon-dramatoa anefa ka mody vonona na dia tena malaina sy mbola te hilalao ihany.

***1- Vakio ny fehezanteny, asio tsipika eo ambanin'ny tambinteny rehetra.***

***2- Mariho X ny kiefitra tandrifin'ny valiny marina ato amin'ity fafana manaraka ity.***

| | ENY | TSIA |
|---|---|---|
| Sokajinteny ny atao hoe mpanampy | | |
| Manana anjara asa ny mpanampy | | |
| Azo atao lazaina ny mpanampy | | |
| Azo atao fameno ny mpanampy | | |